LETTRE MENSUELLE

"Le Royaume des cieux est tout près de vous" Guérissez les malades, rendez la vie aux morts, guérissez les lépreux, chassez les esprits mauvais. Vous avez reçu gratuitement, donnez donc gratuitement''

BUREAU CENTRAL DE LA FPMA JANVIER 2020 N° 008

UNE FAMILLE EN MISSION

Nous entrons à la troisième phase de notre projet V3F-4MC. Rappelons en quoi consistaient les deux premières phases personnelle et familiale.

1. Afin de renforcer les liens familiaux, nous avons inscrit en première étape dans notre feuille de route **« La Mise En Place Des Cultes Personnel Et Familial »**.

Notre objectif était d'établir, construire ou même reconstruire les trois piliers d'une famille en bonne santé : **"L'amour, La Confiance Et La Sécurité"**.

Nous avons confié aux Pasteurs de Régions le suivi et l'exhortation des Tafo de sa Région, aux Pasteurs locaux le suivi et l'exhortation des familles.

2. Rappelons que notre visée est que chaque membre se sente aimé, en confiance et en sécurité au sein de sa propre famille.

Autrement dit, que chaque famille soit un havre de paix pour ses membres.

Pour atteindre notre visée nous avons proposé de mettre en place un autre cadre d'activité. Ainsi en plus du culte familial, Un Club D'enfant sera également mis en place dans chaque Tafo.

3. Enfin pour couronner tout ou pour boucler la boucle cette année **"Un Club Des Jeunes Mariés"** sera aussi établi dans chaque Tafo. Il entendu que peut être consideré comme jeune marié un couple jusqu'à 75 ans.

Suite P.2

« Mba ho iray ihany izy rehetra » Jaona 17:21a

Izany no tonom-bavaka nasandratry ny Tompo raha nivavaka izy. Nataony ho vaindohan'ny fangatahany ny **"Firaisan'ny Mpino".** Eny na dia Andriamanitra naterak'Andriamanitra azy i Kristy dia mbola nila nivavaka ihany izy. Mazàna ny Tompo no nampahery sy namporisika an'ireo mpianany sy ny apostôly hivavaka mandrakariva araka ny teniny **"miambena ka mivavaha mandrakariva" (Lioka 21:36).** Fa eto kosa dia Izy Tenany no mivavaka amin'ny Rainy indrindra mba hisian'ny firaisana marina eo amin'ny samy mpino. Tahaka efa tsinjon'ny Tompo ny mety ho fisaraham-bazana eo amin'ireo mpanaradia Azy nandrita ny nahateo Azy tamin'ny misionany teto an-tany. Ary toa hitany ihany koa ny Fiangonana mety ho vaky sy ho voazarazara aty ao aoriana be aty. Hoy indrindra ny Tompo **« Nefa tsy ho an'ireto ihany no angatahako, fa ho an'izay mino Ahy koa noho ny teniny; » (Jaona 17:20).** Ary raha toa ka nivavaka ho an'ny firaisan'ny mpino ny Tompo eto dia tena saro-pady sy sarobidy aminy ny maha-iray ny kristiana rehetra. Nambaran'i Kristy mazava raha nilao-bava Izy **« Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako. » (Jaona 14:6).** Ny firaisana amin'i Kristy no mampiray ny kristiana : Miara Mizotra ho amin'ilay Tena Lalana, Miray Hevitra ao amin'ny Tena Fahamarinana, Miray Aina ao amin'ny Tena Fiainana.

1. Miara mizotra ho amin'ilay Tena Lalana.

Hoy ilay tononkira hiraina matetika amin'ny fotoana iraisam-pinoana "Miara-mizotra isika ho any Jerosalema vaovao". Tsy àry hifanatri-tava avokoa ny kristiana rehetra fa samy resy lahatra kosa fa iray ihany ny Lalana izay irosoana dia ilay mankany amin'ny Ray. Na tsy mifankafantatra aza dia mahalala kosa ny aleha. Na tsy mitovy fihaviana, na tsy mitovy firazanana, na tsy mitovy fiteny, na tsy mitovy fiangonana nihaviana, fa mahatsapa kosa fa tena kristiana dia miara-dia ho an'ilay Jerosalema Vaovao araka ilay tononkira. Hoy indrindra Petera **« Hitako marina tokoa izao fa tsy mizaha tavan'olona Andriamanitra; » (Asan'ny Apostoly 10:34).** Efa vahaoka sesehena manerana izao tontolo izao ny kristiana. Efa samy mizotra amin'izany Lalana izany avokoa koa raha misy lavo an-dalana dia mifanarina, raha misy ketraka sy reraka am-pandehana dia mifanohana, raha misy mihemotra dia mifampitarika ho amin'ilay Tena Zotra. Izany no kristiana miara-mamindra, kristiana mifampitsinjo. Mazava ny tenin'i Paoly Apostoly **« Fa isika izay matanjaka dia tokony hitondra ny fahalemen'ny malemy ka tsy hitady izay hahafaly ny tenantsika ihany. » (Romana 15:1).** Kristiana miray ao amin'i Kristy ilay Tena Lalana.

2. Miray Hevitra ao amin'ilay Tena Fahamarinana.

I Kristy izay Marina, hoy ilay mpandinika iray ny momba ny Ekiomenisma, dia toy ny elefanta. Ireo izay mihazona ny tongotr'ilay elefanta dia milaza fa ny Marina dia toy ny fototry ny hazo lehibe. Marina izany fa tsy feno. Ireo izay mihazona ny rambon'ilay elefanta dia milaza fa ny Marina dia toy ny rambon-javatra na rambom-biby. Marina izany fa tsy feno. Ireo izay mihazona ny tandrok'ilay elefanta dia milaza fa ny Marina dia toy ny tandrok'omby lehibe.

■ Tohiny P.2

" Une famille en mission "
(Suite)

Nous allons regrouper les trois activités: "**Culte familial**", "**Club d'enfant**" et **Club de jeune marié**" en un seul titre que nous allons appeler :

" FAMILLE EN MISSION "

Nous allons examiner à fond et développer point par point les trois piliers de la famille : **Amour, Confiance et Sécurité**.

Pourquoi l'amour se refroidit et pourquoi les confiances au sein de la famille se dégradent et qu'est-ce qui n'allait dans la sécurité.
Quels rôles peuvent jouer notre foi chrétienne et les cultes pour consolider ces trois piliers.

C'est pourquoi le "Club d'enfant" et "le Club de Jeunes mariés" auront lieu le même jour.

Le détail des activités sera développé dans la Lettre mensuelle du mois de Février.

Pour terminer j'aimerais vous rappeler la règle d'or pour chaque famille :
Vous soumettant les uns aux autres dans la crainte de Christ. (Eph 5.21)

La crainte du Seigneur ou la communion avec Dieu en Jésus est la base de toute communion familiale en bonne santé. Et la soumission en est la visée.

Bon courage et que le Seigneur bénisse notre famille.

Dr Seth RASOLONDRAIBE

« Mba ho iray ihany izy rehetra »
Jaona 17:21a
(Tohiny)

Marina izany fa tsy feno. Nisy Mpitandrina iray nilaza fa ny hevitry ny Tompo amin'ny hoe **« Moramora kokoa ny hidiran'ny rameva amin'ny vodi-fanjaitra noho ny hidiran'ny manan-karena amin'ny fanjakan'Andriamanitra. » (Marka 10:25)**.

Tsy voatery ho vola aman-karena ihany no ambara eto hoy ilay Mpitandrina fa mety ho fahaizana amam-pahalalana ihany koa. Araka ilay **"adage"** frantsay manao hoe : **«Trop de vérités tue La Vérité»**.

Ny fifikiran'ny kristiana sy teolojiana sasany amin'izay heveriny fa tena marina no anisan'ny nampisara-bazana ny Fiangonan'Andriamanitra ka adino sy takona ny Tena Marina. I Kristy no hany tokana Marina sy Fahamarinana ho antsika. Ny Fampianaran'ny Tompo teny am-piandohana tsy mitapoka no tokony Fahamarinana fototra iraisan'ny kristiana. Miray hevitra ao amin'ny Tena Fahamarinana.

3. Miray Aina ao amin'ny Tena Fiainana

Ny finoana dia tsy vitan'ny hoe mandray ho marina ny fampianarana fa tena miaina marina tokoa ny fampianarana voaray. Miaina izany tsy amin'ny saina ihany fa amin'ny fo sy fanahy.
Ny FPMA dia avy nankalaza ny faha-60 nijoroany ka ny teny filamatra dia araka ny hita ao amin'ny taratasy nosoratan'i Jakoba manao hoe :
« ... Ekeo amin'ny fahalemem-panahy ny teny nambolena, izay mahavonjy ny fanahinareo. » (Jakoba 1:21).
Ny hoe "Manaiky' eto dia midika hoe Mampihatra ny Teny voaray, Mivelona amin'ny Teny voamboly ao anaty. Tsy "théorie" ny finoana fa tena fiainana ireo telo izay mitoetra **« Ary ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra: ny finoana, ny fanantenana, ny fitiavana: fa ny fitiavana no lehibe amin'ireo. » (1 Korintiana 13:13).** Ny kristiana dia miray finoana an'i Kristy. Mahatsiaro ho mambra ny fiankaviam-ben'ny mpino. Ny Kristiana dia miray fanantenana ao amin'i Kristy. Mpiara-Mpanantena sy Mpiandrandra ny lova any an-danitra ho amin'ny fiainana mandrakizay. Ny Kristiana dia miray fitiavana ao amin'i Kristy, ka mifankatia hanjakan'ny firaisam-po sy firaisan-tsaina hatrany. Ka Ny Fanahin'Andriamanitra no mihazona ny kristina ho iray miaina marina tokoa **"Ny Fitiavana , Ny Fifaliana, Ny Fiadanana" ao amin'i Kristy (Galatiana 5:22).** Miray aina ao amin'ny Tena Fiainana. Hoy ny Tompo **"Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be"(Jaona 10:10)**

Farany hoy i Paoly Apostoly :
« Koa raha misy famporisihana ao amin'i Kristy, raha misy fampiononana avy amin'ny fitiavana, raha misy firaisana amin'ny Fanahy, raha misy famindram-po sy fiantrana, dia tanteraho ny fifaliako, mba hiraisanareo saina, miray fitiavana, miray fo, miray hevitra, tsy manao na inona na inona amin'ny fifampiandaniana, na mandrani-tena foana fa amin'ny fanetren-tena dia aoka samy hanao ny namany ho mihoatra noho ny tenany. » (Filipiana 2:3)

Voninahitra ho an'i Kristy antoky ny firaisantsika !

Past Raharindranto Falimanana

LA FPMA ET LA FEDERATION PROTESTANTE DE FRANCE

Deux évènements majeurs ont marqué la relation / collaboration entre la FPMA et la FPF en décembre 2019, puis en janvier 2020.

■ 9 décembre 2019 : Noël de la FPF

Sur la demande du bureau de la FPF et de la MDP et dans le cadre des festivités de Noël, la FPMA a organisé le repas fraternel annuel réunissant les responsables de la FPF.

À cette occasion, 80 personnes ont été invitées et nous remercions le Seigneur du bon déroulement de ce repas, et ce, malgré la persistance des grèves touchant les transports en commun.

Suite à cet évènement, le président de la FPF, Pasteur François Clavairoly

a tenu spécialement à remercier la FPMA : *« Je voudrais, au nom du Conseil de la Fédération Protestante de France mais aussi au nom de toute la Maison du protestantisme, t'adresser ainsi qu'à la FPMA, mes plus chaleureux remerciements pour l'organisation et l'animation du repas de Noël de la MDP le 9 décembre dernier. Grâce à votre présence à tous, à votre menu délicieux et à vos chants, nous avons passé ensemble un très beau moment et pour cela je vous dis toute ma gratitude et ma reconnaissance. Sache aussi combien la présence malgache au 47 rue de Clichy compte pour le protestantisme français. Vous en avez fait la démonstration à nouveau ce jour de Noël… »* **(Extrait mail du 19 décembre du Président de la FPF adressé au Président de la FPMA. ».**

■ 25 et 26 Janvier 2020 : Assemblée Générale de la FPF

L'assemblée Générale de la FPF s'est déroulée les 25 et 26 janvier 2020. Le bureau de la FPF a cette fois sollicité la FPMA pour assurer l'aumônerie durant ladite assemblée générale.

Le Président de la Fpma a eu la lourde responsabilité d'assurer les deux prédications - du samedi et du dimanche-, tandis que le Vice-président Pasteur de la FPMA a dirigé le culte d'ouverture et le Vice- président Laïc de la Fpma a fait la prière d'intercession de la journée du dimanche. A la demande de la FPF, le culte a été animé par les représentants des sections musicale (SZM) et chorale (AMF) de la FPMA. Ces derniers ont assuré avec entrain, pour la Gloire de Dieu des prestations de qualité (accompagnement musical du culte, trois chants de la chorale le samedi, ainsi que le dimanche).

Lors de sa prédication axée sur la parole de Jésus : « Suivez-moi, et je vous ferai pêcheurs d'hommes… » (Mat 4 :19), le Président de la FPMA, le Rev. Dr Seth Rasolondraibe a souligné à travers un message « imagé » que la mission de toutes les églises est de se rendre en mer et/ou sur l'océan pour pêcher, mais pas toutefois pour « pêcher » dans les bassins des « autres » , ceux-là qui ont déjà pris des « poissons ». Ce message a été dûment reçu, comme en témoigne le rire généralisé de l'assemblée !

Dans cette société qui « évolue » sans cesse, nous sommes convaincus que la FPMA se doit être porteuse d'un message centré sur la Parole de Dieu seule (Sola scriptura).

Afin que le message véhiculé par la FPMA soit audible/compréhensible/attractif dans cette vaste « mer » et/ou « océan », les membres de la FPMA à tous les niveaux (bureau central, région, paroisse, département, commission…) détiennent une grande part de responsabilité dans la manière de vivre la parole de Dieu, afin de ne pas constituer une pierre d'achoppement pour les « autres » (I Cor 10 :32).

« Accueillez avec humilité la parole que Dieu plante dans votre cœur, car elle a le pouvoir de vous sauver. Ne vous faites pas des illusions sur vous-mêmes en vous contentant d'écouter la parole de Dieu ; mettez-la réellement en pratique ». (Jacques 1 :22-23 : version Français courant)

Que Notre Seigneur Jésus-Christ, Chef de toutes les églises nous aide à travers l'Esprit Saint à être ses témoins non seulement en paroles mais surtout en actes. Là est l'enjeu de la crédibilité de la FPMA dans les années à venir !

Roland Ratiarison

MDP : Maison Du Protestantisme

Sola scriptura (ablatif latin signifiant « par l'Écriture seule ») est une expression latine désignant le principe protestant selon lequel la Bible est une autorité en elle-même, à laquelle les chrétiens, c'est à dire l'Église, se soumet, le contraire, la Bible soumise à l'église n'était pas possible…. (Extrait Wikipédia)

Fiaraha-mivavaka niombonan'ny fiangonana kristiana teto Bordeaux

« Hoy i Jesoa : Izaho no tena voaloboka ; ary ny Raiko no mpamboly… Ianareo no sampana » (Jaona 15, 1 sy 5)

Tamin'ny 19 janoary teo no nivoaka tamin'ny fahitalavitra ny fiaraha-mivavaka iraisam-pinoana kristiana teto amin'ny vohitr'i Bordeaux.

Tafiditra tao anatin'ny **herinandro fiaraha-mivavaky ny kristiana maneran-tany** izany.

Nanomana sy nandray anjara tamin'io ny fiangonana isany : ny anglikana, ny katolika, ny maronita sy ny ortodoksa, ny evanzelika sy ny protestanta vokatry ny reformasiona ka anisan'izany ny FPMA.

Nanakoako nandritra ny fiderana an'Andriamanitra ny antso ho amin'ny fiombonana. Naneho izany ny fitsanganan'ny antoko- mpihira tokana avy amin'ireo fiangonana voalaza tetsy ambony, ka mpihira 12 avy eto amintsika no tao anatiny izay be indrindra.

Hira tsy nahazatra antsika no noventesina tao fa dia niezaka tokoa ireo mpihiran'ny FPMA nandritra ny famerenana inefatra izay natao mialohan'ny fotoam-pankalazana.

Ny fifaliana noho ny fiombonan'ny mpino an'i Kristy, izay nahatsiaro ho fianakaviana anankiray, no nandresena ny fahasarotana.

Mampalaza ny faritra aty Bordeaux ny fambolena voaloboka.

Nofidiana ho lohahevitra manokana izay nibaiko ny litorjia iombonana araka izany ny fanoharana nataon'i Jesoa momba ny voaloboka.

Ny sampana maro miray amin'ny foto-boaloboka no nanehoana ireo fiangonana isankarazany izay nampibaribary ny maha-izy azy avy teo amin'ny fotoam-panombohana.

Narahina hira ny fidiran'ny solotena tsirairay miaraka amin'ny marika izay mety mampiavaka azy manokana. Ka napetraka tambonin'ny latabatra teo amin'ny polipitra avy izany (baiboly ho an'ny protestanta, sary masina nentin'ny ortodoksa, labozia mirehitra avy amin'ny anglikana, voninkazo nentin'ny maronita, lovia sy kapoaka samy foana no novimbinin'ny katolika).

Niara-nanao vavaka fiderana tamin'ny fiteniny sy ny fombany avy ny Fiangonana tsirairay.

Ny feon-javamaneno no nanarona izany feom-bavaka mitabataba izany (prière en brouhaha), ary narahin'ny antokompihira sy ny rehetra nifandray tanana teo am-piventesana ny hira fiombonana (« nous sommes un dans un lien d'amour »).

Notohizana tamin'ny faneke-mpinoana kristiana ihany koa izany.

Ny toriteny dia nanamafy ny fifandraisana mihavao (relation renouvelée), eo amin'ny mpino sy Andriamanitra, amin'ny samy mpino, eo amin'ny mpino sy ny hafa, noho ny firaisana amin'i Kristy. Io firaisana amin'i Tompo io no maha zavadehibe ny mino sy ny Fiangonana satria tsy mahavita na inona na inona sy tsinontsinona izy ireo ivelan'i Kristy. Ao amin'i Kristy ihany koa no hahafahan'ny Ray mamboatra azy ireo ka hamoazany be (15,5). Mety mandratra izany fikarakaran'ny Ray izany kanefa mahasoa antsika tokoa. Avy amin'i Kristy ihany no ivelomana sy igohana ny fahasoavan'Andriamanitra. Hany ka mikoriana ao anatin'izay miray amin'i Kristy ny hasin'i Tompo, mba hahafahany manova ny toetra sy fihetsika ratsy hanjary soa ho an'ny fiangonana sy ny mpiara-belona aminy (Galatiana 5,22).

Ny vavaka fifonana dia nifantoka tamin'ny fandinihan-tenan'ny Fiangonana sy ny mpino tsirairay manoloana ny firaisany amin'i Kristy. Ny fibebahana mitohy amin'ny fandraisana ny famelan-keloka dia notsapain-tanana tamin'ny fifampizarana ny fiadanana. Matoky ny fitondràn'ny Ray azy ny Fiangonana ka nifandimby nangataka taminy ny amin'ny firaisan'ny mino rehetra sy ny fijoroana vavolombelona amin'izay anirahany azy eto amin'izao tontolo izao.

Notohizana tamin'ny vavaka mampiray ny mino izany (Rainay izay any an-danitra) ka nohiraina ny tapany farany.

Ny hira fandresen'i Jesoa Kristy ho an'ny mino sy ny fiangonana, rehefa nandray ny tsodrano izy ireo, no namaranana ny fanompoam-pivavahana.

Indro ny rohy hahafahana mijery ny fankalazana natao.
Hatramin'ny 18 febroary no hahafahana manao izany :

https://www.france.tv/actualites-et-societe/religion/1146111-matinee-oecumenique.html)

Mpitandrina, RAMAHERIJAONA Jean Teddy